Ny anjely dia tsy miditra amin'ny trano misy alika na sary

Tatitra azo avy amin'i Abou Toalha (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Ny anjely dia tsy miditra amin'ny trano misy alika na sary."
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nampahafantatra ny Mpaminany (S.A.W) fa ny anjelin'ny famindram-po dia tsy miditra amin'ny trano misy alika na sarin'ny zavatra manan'aina. Izany dia satria ny sarin’ny zavatra misy fanahy : fahotana lehibe, ary misy fakana tahaka ny zavaboarin’i Allah, ary làlana iray ho amin'ireo fanompoan-tsampy, ary ny sasany amin’izany dia sarin’izay zavatra ivavahana ankoatran'I Allah. Ary ny amin'ny fandrarana ny trano izay misy alika, satria mihinana loto be izy, ary misy sasany amin'izy ireny antsoina hoe devoly; Ary ny anjely dia mifanohitra amin' ny devoly, Ary noho ny haratsian'ny fofon'ny alika; Halan’ny anjely ny fofona ratsy, ary satria voarara ny miompy azy; ka izay niompy azy dia voasazy noho ny tsy fidiran'ny anjelin'ny famindram-po ao an-tranony, tsy fanaovany vavaka ho azy, tsy fangatahany famelan-keloka sy fahasoavana ao an-tranony, ary voasazy amin'ny tsy fiarovan'ny anjely azy amin'ny fikasan-dratsin'ny Satana aminy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/8950